Tari-dalana ho an'ny

"HERINANDRON'NY SAMPANA SERASERA"

Daty : 1-7 Juillet 2012

(Alefa ho zaraina amin'ny fiangonana rehetra ity tari-dalana ity)

Famaritana

Ny herinandron'ny serasera na ny sampana fifandraisana dia natao mba hahafahan'ny mambra rehetra hanao ezaka manokana hampandrosoana ny fiangonana amin'ny alalan'ny sampana fifandraisana. Ireto avy ny tanjona kendrena amin'izany amin'ny ankapobeny :

A. Fanamboarana sy fametrahana ny tetezan'ny fifandraisana amin'ireo olona sy antokon'olona ary antoko-pivavahana tsy mifandray na zara raha mifandray amin'ny fiangonana.
B. Fanaovana asa fitoriana manokana amin'ny alalan'ny Sampana serasera
C. Fanofanana ny mambra handray anjara bebe kokoa amin'ny fampandrosoana ny fiangonana amin'ny alalan'ny sampana serasera.

Ireo karazan'asa azo atao mandritra ny herinandron'ny fifandraisana

Ny sampana serasera isam-piangonana dia afaka mampihatra ireto toro-marika ireto arakaraky ny fahafahany ara-bola sy ara-teknika ary ny toerana misy azy avy :

1- Fanamboarana sy fametrahana ny tetezan'ny fifandraisana (pont de la communication). Betsaka ireo fitsaratsarana mialoha ataon'ny olona mikasika ny fiangonana advantista vokatry ny tsy fahalalana na nohon'ny fahalalana diso hananan'izy ireo mikasika ny fiangonantsika. Manasarotra ny asa fitoriana ataon'ny fiangonana amin'izy ireo izany. Anjarantsika ny mamorona sy mametraka tetezana hahafahana mifandray amin'izy ireny.

2- Ampahafantaro ny olona sy ireo antokom-pivavahana rehetra tsy ankanavaka manodidina ny fiangonana misy anao ny mikasika ny fiangonana advantista. Azo atao ny manao hetsika samihafa izay azo hisafidianana arakaraky ny fahafahan'ny fiangonana toy ny :

   a- "varavarana misokatra" : Asaina manomana 'stand' hahafahana maneho ny asany sy ny momba azy ny sampana tsirairay ao amin'ny fiangonana. Asio stand hahafahana maneho ireo CD/DVD vokarin'ny fiangonana eo anivon'ny foibe sy ny antokom-pihira eo an-toerana ary ny mpanakanto. Asaina ny olona hitsidika izany. Hanaovy 'stand' manokana ny tantaran'ny fiangonana ankapobeny sy ny fiangonana misy anao manokana, ny haino aman-jery advantista, ny boky, hopitaly samihafa, ADRA,…sns.(azo atao ny manantona ny tompon'andraikitra voakasik'izany hakana toro-marika,…)

   b- Fizarana 'tract' mampahafantatra ny olona ny mikasika ny fiangonana advantista sy ny asa ataony (fandaminana, asa ataony,…). Aza adino ny mametaka ny adiresin'ny fiangonana misy anao sy ny telefaonina hahafahana miantso ao anatin'ny trakta zaraina. Raha azo atao aza dia asio kisary manondro ny toerana misy ny fiangonana ao anatiny.

Elian Andriamitantsoa Talen'ny Sampana fifandraisana Faritra Ranomasimbe Indiana
Tel: 0340679762
Email: makijoyeux@gmail.com
Skype: andriamitantsoa.elian1
Site Web- Union: **ioum.adventist.org** et/ou **ioummg.adventisthost.org**
Site Web-AWR: www.awr.org

c- Fikarakarana “hetsika manokana” hanehoana ny fiangonana advantista sy ny asany : asa sosialy, filaharana arahina hetsika ara-panatanjahan-tena na fizarana Baiboly maimaimaimpoana, sns….

d- Fanendrena solo-tena vitsivitsy hanao fitsidihana ofisialy ireo olobe rehetra eo an-tanana : tangalamena, filoham-panjakana isan’ambaratonga, filoham-piangonana na pastora, talen’ny sekoly rehetra misy eo an-toerana,…. – Lazao azy ireo ny tanjon’ny famangiana ataonareo : haneho fankasitrahana, hitondra am-bavaka, hiaraka hiasa amin’ny lafiny fampandrosoana ny tanana, …..lazao azy ireo fa misokatra ho an’ny rehetra ny fiangonana advantista,…./ miaraka amin’ny fanomezana toy ny boky Hery mifanandrina, tract, carte de visite.

Etc….

A- Fanaovana asa fitoriana amin’ny alalan’ny Sampana serasera

1. Ataovy ny fomba rehetra hampahafantarana ny mambran’ny fiangonana ny anjara-andraikitry ny sampana fifandraisana amin’ny asa fitoariana. Ny sampana fifandraisana dia “facilitateur’ ho an’ny sampana rehetra eo anivon’ny fiangonana. Miezaka ity sampana ity hampahafantatra ny mambra rehetra ny fandaminana advantista, ny “feuille de route de l’evangelisation – 2011-2015”, ny tetik’asan’ny sampana tsirairay ao amin’ny fiangonana amin’ny fanatanterahana izany “feuille de route” izany, Ny tetik’asan’ny sampana serasera mandritra ny fotoam-pamafazana (ASAFI mialohan’ny conference) sy ny fotoam-pijinjana (conference) ,sns….. Asiana tabilao manokana hanehoana izany eo ivelan’ny fiangonana ankoatry ny firaketana izany an-taratasy izay zaraina amin’ny mambra.

2. Fananganana ny “klioban’ny mpanao asa fitoriana amin’ny alalan’ny teknolojia vaovao” (New Media Evangelist Club)…Avondrona anaty tarika iray ireo rehetra mpikirakira haino aman-jery ho fitaovana hiasana (telefaonina, ordinateur, fanaovana sary, fakana sary video sy photos, mpanao horonan-tsary, mpiasan’ny haino aman-jery, mpanao gazety, sns….) – mba hahafahana mandrindra tetik’asa iraisana hanaovana asa fitoriana amin’ny alalan’ny haino aman-jery. Ny sampana asa fitoriana eo anivon’ny fiangonana sy ny sampana fifandraisana no miara-miasa akaiky amin’ny fanatontosana izany.

3. Fizarana ‘TRACT’ samihafa :

a- Ampahafantaro amin’ny alalan’ny tract ireo karazana haino aman-jery advantista eto an-toerana sy maneran-tany oh: radio Advantista Antananarivo, Toamasina, Ambatondrazaka, Ambositra, Tulear, Antalaha, ……, radio AWR izay maharakotra izao tontolo izao amin’ny tenim-pirenena mihoatra ny 80 – isan’izany ny teny Malagasy.. ary azo raisina amin’ny fomba telo : Onde courte, FM, Podcast (Internet), ny fandaharana mandeha amin’ny TV eto an-toerana, Ny Feon’ny Faminaniana mandeha amin’ny RNM isaky ny Sabata hariva amin’ny 5h40, Ny TV advantista izay maharakotra izao tontolo izao : “Hope channel sy 3ABN”, ny Site Web an’ny Union hahafahana manaraka fianarana Baiboly amin’ny Internet,…sns……

Elian Andriamitantsoa Talen’ny Sampana fifandraisana Faritra Ranomasimbe Indiana
Tel: 0340679762
Email: makijoyeux@gmail.com
Skype: andriamitantsoa.elian1
Site Web- Union: **ioum.adventist.org** et/ou **ioummg.adventisthost.org**
Site Web-AWR: www.awr.org

b- **"TSY SARAKA AM-PAOSY"** : Entano ny mambra hanana zavatra ho zaraina amin'ny olona rehetra mifanerasera aminy andavanandro…ary ataovy izay hahatonga izany ho lasa fahazarana mihitsy. Asio tract azo zaraina tsy tapaka ao amin'ny fiangonana izay azon'ny olona atao am-paosy n'aiza n'aiza alehany : Karatra fanasana hanatrika ny Sekoly Sabata, tract misy onde hahafahana mihaino radio advantista sy TV advantista, karatra misy ny adiresy Site Web Union hahafahana mianatra Baiboly maimaimpoana amin'ny internet, sns….

4. **"Antsam-panahy" miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona** : Betsaka ny olona tia ny hira advantista. Azo atao ny manao fandaminana hampifandraisana ny varavarana misokatra sy ny antsam-panahy elanelanina fijoroana ho vavolombelona izay ataon'ny mambran'ny antokom-pihira ihany – na koa mambran'ny fiangonana….Aoka hisy hatrany antso atao amin'ny famaranana.

5. **"Centre d'attraction"** : Fanokafana toerana manokana hahafahana misintona ny olona tsy advantista hifanerasera amin'ny advantista sy hizarana ny fahamarinana : "Centre d'attraction" hahitana toerana hahafahana mihinana sakafo vegetarien, mahazo toro-hevitra ara-pahasalamana, handefasana horonan-tsary, hanaovana fanatanjahan-tena mahasoa – mifanaraka amin'ny etikan'ny fiangonana, toerana filalaovan'ny ankizy sy fitsangatsanganana, fampianarana mahandro sakafo, sns,…..

6. **"Telephone verte".**na fahafahana miantso maimaimpoana. Raha misy ny fahafahana ara-bola dia azo atao ny manana laharana telefonina izay azo hiantsoana maimaimpoana – ho an'ireo olona rehetra mila toro-hevitra ara-pahasalamana na tratry ny olana ara-pihetsem-po. Olona vita fiofanana manokana (dokotera, assistante social, psychologue, Pasteur,…) no afaka mamaly mivantana ireny olona ireny amin'ny fotoana rehetra.
   Sns…..

B- Fanofanana ny mambra handray anjara bebe kokoa amin'ny fampandrosoana ny fiangonana amin'ny alalan'ny sampana serasera.
(Efa an-dalam-pahavitana ny 'Manuel de communicateur' na ny tari-dalana ho an'ny sampana serasera eo anivon'ny fiangonana)

1- **Fanomezana fiofanana** mikasika ny sampana fifandraisana amin'ny mambran'ny fiangonana mba hahafahan'izy ireo mandray anjara amin'izany arakaraky ny fanomezam-pahasoavana hananany.

2- **Fanatsarana ny endriky ny fiangonana anatiny sy ivelany**. Ity ezaka ity dia tsy maintsy atao isan-taona mandritra ny herinandron'ny serasera. Fantarina izay lafiny hilana fanamboarana na fanatsarana ao amin'ny fiangonana : lokon'ny trano, dabilio, fefin'ny fiangonana, ny trano vadim-piangonana, takela-by na hazo manondro ny toerana misy ny fiangonana (atao manara-penitra na ny soratra na ny loko na ny sarin'ny Logo advantista : aleo tsy misy toy izay atao ratsy / aoka haka modely aty amin'ny foibe)

3- **Fanaovana tombana (evaluation)** amin'ny alalan'ny fanaovana fanadihadiana anatiny sy ivelany. Tsy maintsy atao ny tombana hahalalana ny lafiny mbola hilana ezaka sy fanatsarana amin'ny asan'ny serasera isam-piangonana. :

Elian Andriamitantsoa Talen'ny Sampana fifandraisana Faritra Ranomasimbe Indiana
Tel: 0340679762
Email: makijoyeux@gmail.com
Skype: andriamitantsoa.elian1
Site Web- Union: **ioum.adventist.org** et/ou **ioummg.adventisthost.org**
Site Web-AWR: www.awr.org

a. **ANATINY** : Manaova fanadihadiana an-taratasy hahafahana manao tombana ny asan'ny sampana fifandraisana eo anivon'ny fiangonana. Atombohy amin'ny fanombanana tsotra izany izay hahitana fanontaniana vitsivitsy ho valian'ny mambra mikasika ny asan'ny sampana fifandraisana. Sokajio arakaraky ny karazanasan'ny sampana serasera. Oh : Mikasika ny "haino aman-jery": Inona avy ireo haino aman-jery advantista fantatrao, manaraka izany ve ianao, raha eny dia inona no tombon-tsoa azonao, inona no fanatsarana heverinao fa tokony atao, sns…. / Mikasika ny asan'ny sampana fifandraisana amin'ny ankapobeny : Inona avy no anjara-asan'ny sampan'ny fifandraisana fantatrao ato am-piangonana, inona amin'ireo no hitanao fa mandeha ara-dalana, inona no hitanao fa tsy mety na tsy ampy,…sns….
Zaro hanome soso-kevitra na vaha-olana mifanitsy amin'ny fanakianana na fanamarihana nataony ny mambra.

b. **IVELANY :** Manaova fanadihadiana tsotra hahafahana manao tombana ny fari-pahalalan'ny olona mikasika ny fiangonana advantista. Omeo fiofanana ny tanora mba ho afaka hanao izany amin'ny fomba manara-penitra (fomba fanatona olona, fomba fametrahana fanontaniana, fomba famenoana ny taratsy fanaovana tombana,.sns…). Aza atao betsaka ny fanontaniana. Ohatra: Fantatrao ve ny toerana misy ny fiangonana advantista eto an-tanana, inona no fantatrao mikasika ny fiangonana advantista, sns…. Ianao ve mihaino radio advantista,….

= Rehefa vita ny tombana dia avadika ho lasa tetik'asa vaovao ireo olana hita avy amin'ny fanadihadiana natao – na ao anatiny izany na any ivelany. Ireo fanamarihana tsara nataon'ny olona na ny mambra dia hanaovy tetik'asa koa ny fanatsarana fihazonana sy ny fanatsarana azy.

** Tsy maintsy hanaovana tombana ny asa rehetra **natao** mandritra ny herinandron'ny fifandraisana – mba ho fanatsarana ny manaraka.
** Tsy maintsy ampandalovina ny komitin'ny fiangonana ny tetik'asa rehetra ho atao vao azo tanterahana.
** Raha misy soso-kevitra na fanatsarana tianao atao dia manorata na manantona mivantana ny tompon'andraikitry ny fifandraisana ao amin'ny federasiona/ na aty amin'ny Union.

Adiresin'ny Sampana fifandraisana ao amin'ny Misiona/ Federasiona :

Elian Andriamitantsoa Talen'ny Sampana fifandraisana Faritra Ranomasimbe Indiana
Tel: 0340679762
Email: makijoyeux@gmail.com
Skype: andriamitantsoa.elian1
Site Web- Union: **ioum.adventist.org** et/ou **ioummg.adventisthost.org**
Site Web-AWR: www.awr.org